

AMPITAPITAOUU!

Laharana 4 - 2022

TOKANTRANO SY TARAKA

- Zo sy adidy ny hisafidy ny mahakasika izany, *p.1*
- Tombontsoan'ny fandraisana andraikitra, *p.3*
- Zo arovan'ny lalàna, *p.4*

ZONTSIKA NY
HO SALAMA!

NY FAHASALAMANA

- Zo tsy anavakavahana taona, *p.5*
- Manazava i Dokotera Sata *p. 6*

TOLOTRA ARA-PAHASALAMA
HO AN'NY TANORA, *p.7*





TOKANTRANO SY TARANAKA

Zo sy adidy ny hisafidy ny mahakasika izany



Maniry ny hanorina tokantrano sy hiteraka ve ianareo rahatrizay?

Mamy: Rehefa nieritreritra sy nandini-tena aho, toa tsy mety amiko io taranja iray io.

Thierry: Tena maniry mafy mihitsy aho, mangetaheta mihitsy.

Nivo: Maniry aho raha manana ny hoenti-manana ho amin'izany.



Rahoviana ianareo no mieritreritra hiroso amin'izany tokantrano izany?

Thierry: Raha ny si-trapoko vao ampy taona aho dia hiroso. Miandry «top» fotsiny hoe vonona ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pihetseham-po.

Nivo: Hamita fianarana aho aloha dia rehefa avy niasa herintaona na roa taona any ho any. Tokony mba efa hanana ny hikarakarana tokantrano tsara aho amin'izay.

Hiteraka avy hatrany ve ianareo rehefa vita mariazy sa hiandry kely?

Thierry: Tonga dia hiteraka koa, ny hanambadian-kiterahana, hian-driandry amin'ny ahoana?

Nivo: Aleoko aloha miandry herintaona na roa. Arak'ilay fitenenana hoe 'hanorina tokantrano', mbola misy fifankazarana ao, mbola vao manorina e, aleo entina miandalana. Sady mila manangom-bola fa tsy vitan'ny ariary folo ny fitondrana vohoka sy fitaizana.

Atao firy ny ankizy?

Thierry: Roa ihany ka. Amin'ity fiainana efa mafy ity, tena tsy mety intsony ny fito lahy sy fito vavy. Lahikely sy vavikely iray avy ihany amin'izay voakolokolo tsara.

Nivo: Izaho kosa aloha raha hiteraka ihany, tena tiako ny maro an-trano. Dimy sa enina? Izany no mahatonga ahy hifofotra hianatra. Rehefa mahita asa tsara ve tsy ho afaka ny hikarakara tsara azy rehetra, na tonga fito aza ve haninona...

AMPITAPITAO!

ZO SY ADIDIN'NY OLON-DREHETRA NY HISAFIDY:

- ny hanorina tokantrano na tsia.
- ny hanan-janaka na tsia.

RAHA TAPA-KEVITRA NY HANORINA TOKANTRANO SY HANAN-JANAKA IZY DIA ZO SY ADIDINY KOA NY HISAFIDY:

- ny isan'ireo menaky ny ainy.
- ny fotoana hiterahany azy ireo.



Dia inona avy no fepetra ho raisinareo ahatongavana amin'izany?

Mamy: Hitandrina hatrany eo amin'ny fitondran-tena. Dia hamita fianarana ampy ahafahana hahaleo tena sy hahavita tena tsara.

Thierry: Hitandrin-tena mandra-piditro amin'ny tokantrano. Rehefa tafiditra amin'izay, dia atao koa izay mety mba ho ampy tsara ny fotoana manelanelana ny iterahana an'izy mianadahy kely. Amin'izay mba samy ho salama tsara na ry izy ireo na i madama hitondra vohoka. Ny fiainana tsy mora, mila atrehana. Firy taona moa?


Nivo: Roa taona farafahakeliny izy izay. Izaho koa handamina tsara an'izany arakaraka ny fahavononan'ny tokantranoko handray ireo vahinikely. Rehefa milamina tsara izahay mivady ka manana mihoatra ny ariary folo dia ahato kely aloha ny fomba fandrindrana fiainam-pianakaviana. Dia asesinay ohatr'izay foana e...

TOKANTRANO SY TARANAKA

Tombontsoan'ny fandraisana andraikitra

REHEFA SAMY MANDRAY ANDRAIKITRA NY TSIRAIRAY AVY MANOLOANA ireo safidy mahakasika ny fanorenana tokantrano sy ny fananana taranaka – izany hoe, hiroso amin'ny tokantrano sa tsia; hiteraka sa tsia; raha hiteraka, dia atao firy; ary atao amin'ny oviana – dia:

- Hanana fahafahana ny hanohy sy hamita fianarana araka ny tokony ho izy ary hahazo diplaoma,
- Ho tafita sy hanana asa mendrika mifanaraka amin'ny tanjona napetrany,
- Hanana fahafahana ny hankafy ireo vanim-potoana rehetra lalovana eo amin'ny fiainana dia ny fahazazana, ny fahatanorana ary ny fahalebezana,
- Ho andry azon'ny ankohonany sy ny fiarahamonina iankinana, ary
- Hanana fahafahana hanatsara ny fiainany ka hamela lova sarobidy ho an'ireo taranany aty aoriana.



AMPITAPITAO!

MILA KARAZANA FANOHANANA MARO NY ZATOVO ahafahany mitaondro ny fahasalamany. ho tafita soa amin'ireo fiovana sy fivoarana mitondra amin'ny vanin-taona mahaolon-dehibe ary hanana fomba fiaina mahasalama mandritra ny androm-piainany rehetra. Tafiditra ao anatin'izany fanohanana izany ny fahalalana sy ny fanabeazana feno momba ny tokantrano sy ny taranaka.

REHEFA MANATONA TOBIM-PAHASALAMANA NY ZATOVO dia tokony hotohanan'ny mpiasan'ny fahasalamana voaofana. handraisany fanapahan-kevitra sahaza ary tokony ho feno fanajana ny fitsaboana omena azy ireo. Izany fahafahany misitraka fanohanana sy tolotra feno izany dia hanampy azy ireo ho lasa olom-banona.

IZANY DIA HAMPANDROSO NY FIARAHAMONINA ka rehefa miampitampita sy lovain-jafy ireo anjara biriky fanatsarana entin'ny isam-batan'olona sy ny fanakaviana ary ny fiarahamonina dia ny ho avin'ny firenena iray manontolo no hanomboka hamiratra.

TOKANTRANO SY TARANAKA

Zo arovan'ny Lalàna laharana 2017-043



NY ZO HISAFIDY NY HANORINA TOKANTRANO sy hanan-janaka na tsia, sy hanapaka ny isan-jaza sy fotoana hiterahana azy ireo dia **arovan'ny lalàna malagasy**.

Ny andininy faha-3 ao amin'ny **Lalàna laharana 2017-043** dia mametraka mazava fa zo fototra ny fahafahana misafidy ny hiroso amin'ny tokantrano sy hiteraka na tsia, ny hanapaka ny isan'ireo zaza ateraka ary ny fotoana hiterahana azy ireo.

Zon'ny Malagasy tsy vaky volo izany ka tsy azo esorina aminy mihitsy izany na inona na inona antony. Na iza na iza izy, na inona na inona volon-kodiny, na firy taona na firy taona izy, na lahy izy na vavy, na manan-karena izy na tsia, na inona na inona finoany, na inona na inona foko iaviny, rehefa mbola eto Madagasikara dia afaka misitraka an'io zo io.



- **Raha misy tsy mety tsikarintsika, zontsika ny hiteny.**
- **Raha misy fanatsarana hitantsika, zontsika ny haneho hevitra.**
- **Zontsika ihany koa ny hanontany mikasika ny fanatanterahana izany lalàna izany!**

Zarao, resaho ny fahalalana vao avy norantovinao!

AMPiTAPiTAO!

NY FAHASALAMANA

Zo tsy anavakavahana taona



ANDININY 5.

Na firy taona na firy taona dia manan-jo hahazo tolotra feno ny isam-batan'olona: fampahalalana, fanabeazana, fampahafantarana, fikarakarana, fandraisana an-tanana manoloana ny fahasalamana ara-pananahana sy fandrindrana ny fianakaviana.



Manazava i Dokotera Sata

Araka ny hevitrao, inona no tena dikan'io Lalàna laharana 2017-043 andininy faha 5?

Eny, ny tanjonay atỳ amin'ny ministeran'ny fahasalamana izany amin'izao an! dia ny hampiroboroboana ny fanantanterahana io lalàna velona io amin'izay mba afaka mitsitrika ny zo ny olona tsirairay hisorohana ny vohoka aloha loatra sy tsy nirina.



CSB II Talata Ampano, Mahatsiatra Ambony

Izany tsy voafetran'ny taona satria na firy taona na firy taona, na lahy na vavy dia manana zo sy adidy amin'ny fandraisana an-tanana ny hoaviny. **Io lalàna io dia manome antoka sy manosika ny tanora hiaina am-pilaminana ny fahatanorana.**

Na dia tsy misy alalana avy amin'ny ray aman-dreny aza, fa rehefa liana ny tanora dia raisinay an-tanana ato, homena izay zavatra angatahany – na fahalalana, na fikarakarana, na fandraisaina an-tanana – mahakasika izay. Izay no dikan'io lalàna io ary tsy azonay atao ny mandà izany.

Inona no fomba efa natao mba hahafantaran'ny tanora fa misy io lalàna io?


Mipetaka eo amin'ny varavaran'ny CSB io lalàna io, ary ny olona rehetra tonga ato dia mahita azy avokoa.

Inona no andraikitrareo atỳ amin'ny tobim-pahasalamana?

Ny andraikitray moa izany dia ny fampianarana sy ny fanentanana ny tanora hoe misy ireto tolotra ireto etỳ amin'ny CSB dia afaka manantona ianareo. Entanina izy ireo hoe na inona na inona filana na fanontaniana mahakasika io dia **misokatra ho azy ireo foana ny varavarana.**

TOLOTRA ARA-PAHASALAMANA HO AN'NY TANORA*

ALATSINAINY MARAINA NY ANDRO...



*Tantara miainga avy amin'ireo vokatra sy sosokevitra notsoahana avy tamin'ny fikarohana ara-tsiantifika mitondra ny lohateny hoe «Sexual and Reproductive Health of Adolescents and Youth in Madagascar: Socio-Anthropological Approach» notontosain'i Médecins du Monde tamin'ny taona 2018.

ZONTSIKA NY HO SALAMA!



AHOANA NY HEVITRAO?

Efa natahotra na nisalasalana ny hanatona dokotera toa an'i Sarindra ve ianao? Inona no anton'izany fisalasalana izany?

Araka ny hevitrao, inona no tokony hataon'ny tobim-pahasalamana ahafahan'ireo tanora misitrika ny zony ho salama an-kalalahana?


Inona no sosokevitrao mba hanatsarana ny fomba fian'ny tobim-pahasalamana eto Madagasikara?



Tsy tadihin-dry ve ry Sophie sy Menja nankany iny dia nivoady tsy hiverina intsony? Sady efa masiaka be ny dokotera no mbola misy olona dimy eo mihaino ny resaka ata!








AHOANA NY HEVITRAO?

Manahoana ny fahitanao ny sosokevitr'i Vony?

Manana sosokevitra ve ianao ny amin'ny fomba azo atao hanampiana ny tanora rehetra hanana paik'ady amin'ny fanatonana sy firesahana amin'ny mpiasan'ny fahasalamana?

Inona no andraikitra ny fiarahamonina mba hahafahan'ny tanora rehetra misitraka ny zony?







AHOANA NY HEVITRAO?


Raha ianao no teo amin'ny toeran'i Sarindra sy i Fara, afa-po tamin'ny fandraisan'ilay dokotera ve ianao?

Inona no sosokevitrao mba hahazoana antoka fa ny mpiasan'ny fahasalamana rehetra dia manana fifandraisana mahafa-po amin'ny olona rehetra raisiny?

Inona no andraikित्रy ny mpiasan'ny fahasalamana ho fampiharana ny lalàna 2017-43 andininy faha 5 mahakasika ny zon'ny rehetra hisitraka tolotra ara-pahasalamana io?

ANJARA ANDRAIKITRY NY TSIRAIRAY AVY

- **NY TOBIM-PAHASALAMANA** dia tokony hanolotra fenitra sy kalitao tsara mifanaraka amin'ny filan'ny tanora ary tonto-lo azo antoka ho azy ireo.
- **ISIKA REHETRA** dia manana zo sy adidy ny hanatona ny tobim-pahasalamana rehetra misy eny amin'ny toerana misy antsika ary mitaky tolotra tsara sy azo antoka ho antsika.
- **NY MPIASAN'NY FAHASALAMANA** dia mamaly ny filana rehetra, mba hahafahantsika tanora miaina am-pilaminana ao anatin'ny fahasalamana.



7

Ny gazety laharana vaovao dia hisy ny valintenin'ny mpanapa-kevitra sy lohahevitra vaovao indray.



1

Alao ny gazety. Mankia sy mifanakaloza hevitra.



6

Hovakiny izany ary hohitany ny eritrerintsika sy ny hevintsika. Hanampy azy hanao drafitra vaovao sy programa tsara kokoasy mifanaraka amin'ny filantsika izany.

- Raha misy tsy mety tsy zontsika ny hiteny.
- Raha misy fanatsarana zontsika ny haneho hevitra.
- Koa andao hifanakaloza amin'ny alalan'ny AMP.

Ny fanehoan-kevitra navondroan'ny mpampianatra piasaina hanaovana gazety manaraka ity dia ho an'ny mpanapa-kevitra nasionaly.



2



Soraty ao amin'ny taratasy fanehoan-kevitra ny eritre-ritrao, ny hevitrao ary ny soso-kevitrao!

3



Avereno ilay gazety miaraka amin'ny fanehoan-kevitrao. Makà gazety laharana hafa indray!!

sikarintsika.

a hitantsika.

vitra,

hevitra

PITAPITAOUU!

rona dia ham-

vaovao, ity

panapa-kevi-

4



Ny fanehoan-kevintsika rehetra dia hangonina sy havondrona hamaritana hevi-dehibe iraisana.

5



TOBIM-PAHASALAMANA FOTOTRA

MIKARAKARA NY PAHASALAMAN NY RENY SY NY ZAZA

MITSABO NY ARETINA ANKAPOBENY, NY ARETINA AZO AMIN'NY FIRAISANA ARANOFO
SITES PF - PTME

Izay sitrapon'ny hafa
Fa mety hahataraiky
ka aza mihafahafa

Izao ianao tsy mbola
tara

Raha te hahalala
Ny zo sy ny tantara
Ka aza mety miala
Raha tsy fantatrao
daholo

Ny zonao manontolo

Raha fantatrao izany
Dia mety anio ihany
Dia hiova tsiky ny
tomany

Satria ny eto an-tany
Efa miara mankatoa
Fa ianao dia ma-
nan-jo!

- NASOLO,
*Tanora mpitarika ao
Antsirabe*

